

Filazam-baovao faha-280: **Fandraisan'anjara voaray avy amin'ny tantsaha mpiara-miasa.**

**Tapany I : Ireo lahatsoratra voaray** pejy 2

**Tapany faharoa : Dikan-teny** pejy 7

Ho fanamarihana ny 17 Aprily, Andro Maneran-tany ho an'ny Tolon'ny Tantsaha, dia nanasa tantsaha mpiara-miasa aminy maromaro mivondrona ao anaty fikambanana samihafa any Madagasikara ny Collectif TANY mba handray anjara, arak'izay mampety azy, amin'ny fanambarana kasainy havoaka.

Koa satria voatery naravona ho fohy ireo valinteny voaray tao amin'ny Toko 1 n'ny Filazam-baovao laharana faha-279, dia avoakanay eto ambany izy ireo araka ny filaharan'ny naharaisana azy.

Na fohy dia fohy aza ny fe-potoana teo anelanelan'ny nanehoana ilay fangatahana hafatra sy ny 16 Aprily, andro tsy maintsy nandefasana azy, mba hahatratra ny famoahana ny fanambaràna Laharana faha-279, dia hafatra dimy no voaray. Maneho ny fisaorana feno ho an'ireo namaly ny antso izahay.

Tsy nisy novaina ny votoatin'ny hafatra. Ny anaran'ny faritra sy ny anaran-tanàna ary ny anaran'ny fikambanana sy anaran'olona no natao tsy fantatra (XXX).

Ny lohatenin'ny hafatra I, II ary IV dia ireo nanoratra no nifidy azy. Ny lohatenin'ny hafatra II sy V kosa dia ny Collectif TANY no namorona azy satria tsy nisy lohateny ny hafatra voaray.

Misaotra indrindra koa anareo mpamaky

---

Newsletter 280 : **Participation reçue des associations de paysans partenaires**

**partie 1 : Textes originaux** page 2

**partie 2 : Traduction** page 7

A l'occasion du 17 avril, Journée Mondiale de la Lutte des Paysans, le Collectif TANY a invité quelques paysans partenaires organisés dans des associations à Madagascar à envoyer une participation au Communiqué qu'il allait diffuser, comme cela leur conviendrait.

Ayant dû condenser les réponses reçues dans le chapitre 1 de la Newsletter n°279, nous les publions ci-dessous, dans l'ordre de leur réception .

Malgré le temps très réduit entre l'envoi de la demande de message et le 16 avril, veille de la publication du communiqué de la Newsletter n°279, cinq messages nous sont parvenus. Nous remercions vivement leurs auteurs.

Le contenu des messages n'a pas été modifié. Seuls les noms de régions, de communes, villes ou villages, d'organisations, d'associations et de personnes ont été anonymisés (XXX).

Le titre des messages I, II et IV a été rédigé par leurs auteurs respectifs. Celui des messages II et V a été créé par le Collectif TANY car le message reçu ne comportait pas de titre.

Nous remercions également les lecteurs.

---

## **Tapany 1 : Lahatsoratra voaray / Partie 1 : Textes originaux**

### **I - HAFATRA HO AN'NY FANAMBARANA MOMBA NY HASIN'NY TANTSAHA MALAGASY**

Ny tantsaha malagasy no fototry ny firenena. Tombanana ho manodidina ny 80% ny Malagasy no mivelona amin'ny fambolena sy fiompiana, indrindra any ambanivohitra. Midika izany fa ny hoavin'i Madagasikara dia miankina mivantana amin'ny fahaveloman'ny tantsaha sy ny hasin'ny asany.

1. Mihena ny hasin'ny tantsaha eo anatrehan'ny rafitra misy satria ankehitriny dia tsapa fa:

Tsy voaaro ara-dalàna sy ara-toekarena ny tantsaha.

Mora iharan'ny fanararaotana noho ny tsy fahampian'ny fahalalana sy ny fanohanana.

Tsy mitovy lenta amin'ireo mpampiasa vola lehibe ny fifaninana.

➔ Vokany: lasa very hasina sy very lanja ny tantsaha, nefa izy no mpamokatra fototra.

2. Fidiran'ireo orinasa goavana: ohatra XXX

Misy tranga mazava amin'ny fidiran'ireo mpampiasa vola vahiny, toy ny orinasa XXX, izay mahazo velaran-tany midadasika amin'ny alalan'ny "bail" sy mifaninana mivantana amin'ny tantsaha madinika ary miteraka faneriterena amin'ny tany sy ny loharanon-karena

➔ Vokany anefa mihena ny tany azo volena sy iompiana. Lasa mpiasa madinika amin'ny taniny ihany ny tantsaha ary mihena tsikelikely ny fahaleovantenan'ny mponina.

➔ Fanontaniana lehibe mipetraka dia hoe : " Azo antoka ve fa fampandrosoana maharitra no entin'ny fampiasambola raha manapotika ny rafitra iainan'ny mponina?"

3. Fahapotehan'ny sehatry ny fiompiana (indrindra ny omby, mahakasika anay aty XXX mivantana moa dia tiako hotenenina foana).

Mihena hatrany ny isan'ny omby. Mihena koa ny tany fiandrasana omby (pâturage). Ary tsy voaaro ny rafitra nentin-drazana na dia efa miteny aza ny mpiompy hoe izao no fanaonay mampety ny fiompiana dia tsy misy mahatakatra fa ny ataondry zalahy ihany no ataony nefa zareo tsy miaina an'ilay izy mivantana.

➔ Raha mitohy anefa izao, tandindomin-doza ny fiompiana omby eto Madagasikara ao anatin'ny taona vitsivitsy ho avy

#### 4. Fanjanahana ara-toekarena mangina

Ny tantsaha dia voagejan'ny zanabola avo be (mety mahatratra 100% isan-taona). Olàna iraisana amin'ny mpandraharaha madinika iny fa tratrany tantsaha izay mieritreritra findramambola amina banky na koa aza IMF, ny Mobile Money moa tsy tenenina intsony fa dia samy manao izay ho afany aby ny olona. Ankoatra an'izay, voagejan'ny mpanangom-bokatra mampidina vidiny ny vokatry ny Tantsaha, hararaotiny amin'ny maha poritra dia mivarotra amin'ny tsy itiavana azy. Izany tokoa angamba no hoe tsy manana hery hifampiraharana.

➔ Midika izany fa miasa mafy ny tantsaha fa tsy mahazo tombony ara-drariny

#### 5. Fahalemena amin'ny rafitra fanohanana

Na dia misy aza projet de développement sy Teknika vaovao! ny olana dia tsy mahazo fanazavana sy fanohanana akaiky (encadrement technique) ny tantsaha ary sarotra ampiharina eny ifotony ireo teknika ireo. Fijeriko azy tsy mbola resy lahatra ny tantsaha.

➔ Vokany tsy tafapaka amin'ny tena tantsaha ny fanavaozana

### **MBA HAFATRA HO AN'NY MPITONDRA SY NY IRAISAM-PIRENENA**

Arovy ny zon'ny tantsaha amin'ny tany sy ny famokarana

Apetraho ny rafitra mazava miaro amin'ny fanararaotana

Hajao ny fifandanjana amin'ny fampiasam-bola sy ny fiainan'ny mponina

Diniho akaiky ny vokadratsin'ny fampiasam-bola amin'ny tany

Tohano ny rafitra miaro ny tantsaha madinika

Aza mijery tombombarotra fotsiny fa jereo ny fiantraikany maharitra

## **II - LES PRINCIPALES DIFFICULTES RENCONTREES PAR LES PAYSANS DANS LE XXX DE MADAGASCAR**

### **1. Introduction générale**

De manière générale, plusieurs secteurs affectent gravement les conditions de vie des paysans dans le XXX de Madagascar. Ces difficultés sont quasiment similaires dans 4 régions.

Dans ce rapport, la Région XXX est prise comme zone d'analyse principale afin d'illustrer les réalités vécues par les populations rurales.

### **2. Secteurs majeurs de vulnérabilité**

Les principaux secteurs qui affectent les Paysans sont :

l'agriculture et l'élevage, l'accès à l'eau potable et à l'assainissement, l'insécurité, les abus de pouvoir et la corruption.

Ces thématiques sont développées ci-après.

## **2-1- Insuffisance d'eau pour l'agriculture**

L'accès à l'eau pour l'irrigation demeure fortement limité, qu'il s'agisse des eaux pluviales ou des canaux d'irrigation.

Dans certaines zones de l'axe XXX (6 Commune rurales), notamment dans la Commune rurale de XXX composée de 08 fokontany, les producteurs agricoles font face à une grave pénurie d'eau.

Selon les informations recueillies auprès de l'Association XXX (mars 2026), le coût de l'eau d'irrigation provenant des canaux varie entre 80 000 Ariary et 100 000 ariary, 120 000 Ariary par heure, ce qui limite fortement la capacité de production agricole.

### **2-1-2- Baisse de la production et impacts sociaux**

Cette insuffisance en eau entraîne une baisse significative des productions agricoles, notamment : Manioc, Maïs, Riz

Cette situation provoque une insécurité alimentaire croissante, affectant à la fois la disponibilité alimentaire c'est-à-dire : Ils sont maintenant obligés de ne manger qu'une seule fois par jour, alors qu'auparavant ils mangeaient presque trois fois par jour et les revenus des ménages diminuent. En conséquence, de nombreuses familles ne parviennent plus à assurer la scolarisation régulière des enfants, entraînant une baisse du taux de fréquentation scolaire.

### **2-1-3- Impact sur l'élevage**

Le manque de précipitations affecte également l'élevage, notamment par :

des pertes importantes de bétail (bovins, ovins et caprins) en raison de l'absence de fourrage

Comme le cas de la Commune rurale de XXX, les éleveurs sont parfois contraints de brûler des cactus (raketa) afin de nourrir le bétail en période de forte sécheresse.

## **2-2-1 Accès à l'eau potable et à l'assainissement**

L'accès à l'eau potable et aux services d'assainissement constitue également une problématique majeure dans le XXX de Madagascar.

Dans le District de XXX, notamment dans la Commune rurale d' XXX (18 fokontany), la population est contrainte d'acheter l'eau potable :

3 000 Ariary par bidon en période de pluie

jusqu'à 5 000 Ariary par bidon en période de forte sécheresse

Sinon, les femmes de la commune rurale de XXX sont obligées de parcourir entre 3 km et 10 km pour aller chercher de l'eau en dehors du village.

C'est le même cas dans la communauté XXX, au village XXX, fokontany XXX, commune rurale de XXX, district de XXX où les habitants doivent aller chercher de l'eau à environ 10 km et 200 mètres au nord du village.

### **2-2-2- Impacts socio-économiques et genre**

La pénurie d'eau entraîne une réduction des activités génératrices de revenus, notamment pour les femmes. Celles-ci sont souvent contraintes de :

vendre des aliments cuisinés (ex : riz préparé)

pratiquer de petites activités agricoles lorsque l'eau est disponible

Cette situation illustre une stratégie d'adaptation des ménages, mais révèle également une forte précarité économique.

### **2-3- Problèmes fonciers**

Outre les effets de la sécheresse, les populations rurales font face à des problèmes fonciers importants :

expropriations et accaparements de terres agricoles, sacrées et forestières

cas signalés à 4 endroits (anonymisés)

### **3- Abus de pouvoir**

Des cas présumés d'abus de pouvoir de la part de certains responsables locaux sont également rapportés, notamment dans les districts de : XXX et XXX

### **4- Insécurité et paix**

L'insécurité demeure une préoccupation majeure dans certaines zones, avec des cas signalés de : actes de violence extrême, assassinat et meurtre.

Attaques à domicile

Notamment dans le district de XXX

### **5-Conclusion**

La population rurale du XXX de Madagascar fait face à une crise multidimensionnelle, caractérisée par :

la sécheresse et l'insuffisance d'eau, la baisse de la production agricole et l'insécurité alimentaire, les pertes dans l'élevage, le manque d'accès à l'eau potable, les problèmes fonciers, les abus de pouvoir, l'insécurité:

Cette situation nécessite des interventions urgentes, coordonnées et durables, afin de garantir les droits fondamentaux des populations rurales, notamment le droit à l'eau, à l'alimentation et à la sécurité.

### **III - FANAMBARANA AVY ANY XXX**

Izahay mponina tantsaha aty XXX dia mampahafantatra atsika tantsaha namana sy ireo rehetra tokony hahafantatra ny fomba fiasany XXX miara- miasa aminy XXX.

Izahay tantsaha aty antoerana dia tsy mahita toambo-tsoa avy aminy fiaraha-miasa rehetra fa lasa olom-bitsy anisa no mahazo toambo-tsoa rehetra. Voteritery ny dina izay novolavolain'izireo XXX sy XXX ny fiari-karena aty antoerana JONO nefa ny olona manana fitaovana harifomba tsy takatry ny dina mifehy izahay. Misy "chambre froide" namboarina hampiasainay tantsaha nefa bodoan'olo- bitsy, sy ampiasainy aminy velontenan'izy samy irery.

### **IV – ETAT DES LIEUX DES DEFIS DU SECTEUR AGRICOLE DANS LA REGION XXX**

La situation des paysans de la région XXX est aujourd'hui marquée par une précarité multidimensionnelle

Vulnérabilité climatique : Les agriculteurs font face à une alternance de stress hydrique et d'inondations, rendant les cycles de culture imprévisibles.

Instabilité économique : L'effondrement des prix de vente, notamment pour le riz et l'arachide, ne permet plus de couvrir les coûts de production.

Insécurité foncière : Le phénomène d'accaparement des terres et la complexité de la sécurisation foncière privent les paysans de leur outil de travail.

Carences institutionnelles : On observe un manque de soutien de la part du ministère de tutelle, tant sur le plan de la présence terrain que sur l'orientation technique et la réorganisation des filières.

Enclave économique dû aux infrastructures routières

95 % des affaires au tribunal de XXX concernent les fonciers

300 ar le prix du riz actuellement, or qu'ils ont acheté les semences à 40000 ar les 25 kg de paddy

900 ar le kg d'arachides coques, or que le kapoaka de semences graines étaient à 1400 ar le kapoaka

Chercher l'erreur

### **V – FILAZAN-KEVITRA MAHAKASIKA NY TANTSAHA**

Raha ny tantsaha eto Madagasikara dia tsy laharampamehana amin'ny mpitondra fanjakana. Lazaina fotsiny hoe fa 80% n'ny mponina tantsaha.

Ambany tena ambany ny tetibola ho an'ny minisiteran'ny fiompiana sy fambolena.

Ny fiompiana sy fambolena dia zavatra tsy tokony hisaraka satria mifameno. Ankehitriny anefa amin'izao andron'ny fanavaozana izao dia nisarohana ny minisitera.

Amin'izao fiovaovan'ny toetr'andro izao dia sahirana tena sahirana ny tantsaha amin'ny tsy fahampian'ny rotsak'orana. Tsy ampy ny fitaovan'ny tantsaha entina mamboly na miompy. Manampitrotraka ny tsy fandriampahalemana,(insecurite). Mbola any an-tanimboly ny vokatra efa misy mangalatra. Ny biby fiompy toy ny omby ny akoho amam-borona misy mangalatra. Farany fa tsy kely ny haratsiandalana hamoahana ny vokatra. Hiainan'ny tantsaha rehetra ny haratsiandalana ka vidiny manangom-bokatra amin'ny vidiny ambany tena ambany ny vidim-bokatra. Na vary io na Mahabibo na la vanila na cafe,..... Fitaovana enti-mamokatra tena tsisy ny tantsaha, ny tany tokony hamokarana mbola malalaka fa tsy misy barrage ka tsy azon'ny rano ny tany.

---

**Tapany faharoa : DIKAN-TENY nataon'ny Collectif TANY / Partie 2 : TRADUCTIONS par le Collectif TANY**

## **I - MESSAGE POUR LA DÉCLARATION SUR LA DIGNITE DES PAYSANS MALAGASY**

Les paysans malagasy sont le pilier du pays. On estime qu'environ 80 % des Malgaches vivent de l'agriculture et de l'élevage, surtout en milieu rural. L'avenir de Madagascar dépend donc directement de la survie des agriculteurs et de la valeur de leur travail.

### **1. La dignité et les droits des paysans diminuent face au système existant car on trouve actuellement que**

Les paysans ne bénéficient pas d'une protection juridique et économique suffisante.

Ils sont facilement victimes d'exploitation en raison d'un manque de connaissances et de soutien.

Ils ne sont pas considérés autant que les grands investisseurs.

➔ Résultat : les agriculteurs perdent leur dignité et leur valeur, alors même qu'ils sont les fondements de la production.

### **2. Arrivée de grandes entreprises : exemple XXX**

Il existe des cas manifestes d'arrivée d'investisseurs étrangers, comme la société XXX, qui acquièrent de vastes surfaces de terres par le biais de « bail » et concurrencent directement les petits exploitants agricoles, créant ainsi une pression sur les terres et les ressources.

➔ Il en résulte une diminution des surfaces cultivables. Les paysans deviennent de simples ouvriers agricoles sur leurs propres terres et l'autonomie de la population diminue progressivement.

➔ Une question majeure se pose alors : « Peut-on affirmer que les investissements apportent un développement durable s'ils détruisent les moyens de subsistance des populations ? »

### **3. La destruction du secteur de l'élevage (en particulier l'élevage de zébus, qui nous affecte directement à XXX, je tiens à le répéter sans cesse).**

Le nombre de bovins diminue. La superficie des pâturages diminue également. Et le système traditionnel n'est pas protégé. Même si les éleveurs affirment que leur manière de faire convient à l'élevage, personne ne cherche à comprendre, les autres continuent à faire ce qu'ils veulent alors que ceux-là ne le vivent pas personnellement.

➔ Si cette situation perdure, l'élevage bovin à Madagascar sera menacé dans les prochaines années.

#### **4. Exploitation économique silencieuse**

Les paysans sont accablés par des taux d'intérêt élevés (pouvant atteindre 100 % par an). Ce problème est commun à tous les petits opérateurs économiques mais les paysans en sont victimes quand ils envisagent d'emprunter auprès des banques ou des institutions de micro-finance, sans parler des services de paiement mobile. Chacun fait ce qu'il veut. De plus, ils subissent la pression de collecteurs qui font baisser les prix des productions des paysans, qui exploitent ces derniers quand ils sont dans le besoin, ce qui les amènent à vendre leurs produits à des prix qu'ils n'apprécient pas. C'est peut-être cela qu'on appelle "ne pas avoir de pouvoir de négociation"

➔ Cela signifie que les paysans travaillent dur mais ne reçoivent pas une juste rémunération.

#### **5. Faiblesse du système de soutien**

Malgré l'existence de projets de développement et de nouvelles techniques, les paysans ne reçoivent ni information ni accompagnement rapproché (encadrement technique), ce qui rend difficile la mise en œuvre concrète de ces techniques sur le terrain. À mon avis, les paysans ne sont pas encore convaincus

➔ Par conséquent, les innovations n'atteignent pas les paysans.

#### **MESSAGE AUX DIRIGEANTS ET À LA COMMUNAUTÉ INTERNATIONALE**

Protégez les droits des paysans à la terre et à la production

Mettez en place des mécanismes clairs de protection contre l'exploitation

Respectez un équilibre entre les investissements et les moyens de subsistance de la population

Évaluez attentivement les conséquences négatives des investissements fonciers

Soutenez les mécanismes de protection des petits exploitants agricoles

Ne vous focalisez pas uniquement sur les profits, pensez aussi aux impacts à long terme

## **II – IREO FAHASHIRANANA LEHIBE MIANJADY AMIN'NY TANTSAHA ANY XXX -N'I MADAGASIKARA**

### **1. Fampidirana ankapobeny**

Amin'ny ankapobeny dia lafin-javatra maro no misy fiantraikany goavana amin'ny fiainan'ny tantsaha ao amin'ny faritra XXX eto Madagasikara. Ireo fahasahiranana ireo dia saika mitovy amin'ny faritra efatra.

Ato amin'ity tatitra ity, dia ny faritra XXX no hampiasaina ho faritra fototrny ny fanadihadiana mba hanehoana ny zava-misy iainan'ny mponina any ambanivohitra

### **2. Ny sehatra lehibe mamparefo**

Ny anton-javatra lehibe izay miteraka olana amin'ny tantsaha dia ny fambolena sy fiompiana, ny fahazoana rano fisotro sy ny fidiovana, ny tsy fandriampahalemana, ny fanararaotam-pahefana ary ny kolikoly .

Ho velabelarina eto ambany ireo lohahevitra ireo

#### **2-1. Tsy fahampian'ny rano ho an'ny fambolena**

Tena voafetra be ny fahafahana mahazo rano ho an'ny fanondrahana, na avy amin'ny rotsak'orana izany na avy amin'ny lakandrano mitarika rano hanondrahana.

Any amin'ny faritra sasany manamorona ny lalam-pirenena XXX (kaominina ambanivohitra 6) indrindra fa ao amin'ny kaominina ambanivohitr'i XXX (Distrikan'i XXX, Faritra XXX), izay ahitana fokontany valo, dia miatrika tsy fahampian-drano goavana ny

tantsaha.

Araka ny vaovao voaangona avy amin'ny Fikambanana XXX (Martsa 2026), ny saran'ny rano fanondrahana avy amin'ny lakandrano dia eo anelanelan'ny 80.000 sy 100.000 Ariary, na 120.000 Ariary isan'ora, izay mametra tanteraka ny fahafaha-mamokatra eo amin'ny fambolena.

## **2-1-2. Fihenana'ny vokatra sy ny fiantraikany ara-tsosialy**

Ity tsy fahampian-drano ity dia mitarika fihenana goavana eo amin'ny vokatra ara-pambolena, indrindra fa ny: mangahazo sy katsaka ary vary.

Miteraka fitomboan'ny tsy fahampian-tsakafo ity toe-javatra ity, ka misy fiantraikany amin'ny fahafahana mihinana-kanina – voatery mihinana indray mandeha isan'andro fotsiny ny olona ankehitriny, nefa efa nihinana saika intelo isan'andro izy ireo teo aloha. Miteraka fihenana'ny fidiram-bolan'ny tokantrano. Vokatr'izany, maro ireo fianakaviana no tsy afaka miantoka intsony ny fandehanan'ny zanany tsy tapaka any an-tsekoly, ka miteraka fihenana'ny tahan'ny fahatongavan'ny ankizy mianatra any an-tsekoly.

## **2-1-3- Fiantraikany amin'ny fiompiana**

Ny tsy fahampian'ny rotsak'orana dia misy fiantraikany amin'ny fiompiana ihany koa, indrindra amin'ny alalan'ny: fahafatesan'ny biby fiompy maro (omby, ondry ary osy) noho ny tsy fahampian'ny ahitra

Tahaka ny ao amin'ny kaominina ambanivohitra XXX, voatery mandoro raketa ny mpiompy indraindray mba hamahanana ny biby fiompy mandritra ny fotoanan'ny hain-tany mahery vaika.

## **2-2-1 Fahazoana rano fisotro sy fanadiovana**

Ny fahazoana rano fisotro sy tolotra momba ny fanadiovana dia olana lehibe ihany koa ao amin'ny faritra XXX eto Madagasikara. Ao amin'ny Distrikan'i XXX, indrindra ao amin'ny kaominina ambanivohitr'i XXX (fokontany 18), dia voatery mividy rano fisotro ny mponina:

3.000 Ariary isaky ny bidon mandritra ny fotoam-pahavaratra

hatramin'ny 5.000 Ariary isaky ny bidon mandritra ny fotoanan'ny hain-tany mahery vaika

Ankoatr'izay, voatery mandeha an-tongotra 3 km ka hatramin'ny 10 km ny vehivavy rehefa haka rano any ivelan'ny tanàna.

Toy izany koa ny zava-misy ao amin'ny vondrom-piarahamonina XXX, ao amin'ny fokontany XXX, 200 metatra any avaratr'ilay tanàna.

## **2-2-2- Fiantraikany ara-tsosialy, ara-toekarena ary eo amin'ny vehivavy**

Ny tsy fahampian-drano dia miteraka fihenana'ny asa mampiditra vola, indrindra ho an'ny vehivavy. Matetika izy ireo no voatery: mivarotra sakafo masaka (ohatra: vary efa nanadrahoana)

manao fambolena sy fiompiana madinika rehefa misy rano

Ity toe-javatra ity dia mampiseho paikady fampifanarahan'ny tokantrano amin'ny zava-misy ao amin'ny fokontany XXX, kaominina ambanivohitra ao amin'ny distrikan'i XXX, XXX, izay tsy maintsy maka rano avy any amin'ny toerana lavitra 10 km eo ho eo ny mponina, saingy mampiseho ihany koa ny mamparefo lalina ny toe-karena.

## **2-3- Olana momba ny tany**

Ankoatra ny vokatra ny hain-tany, miatrika olana lehibe momba ny fananantany ny fiarahamonina ambanivohitra:

fandroahana sy fanafoanana ny fananan-tany ary fakàna an-keriny ny tany fambolena, ny tany masina ary ny ala nisy tranga voatatitra tany amin'ny toerana efatra.

## **3- Fanararaotam-pahefana**

Nisy tatitra voaray ihany koa momba ny tranga voalaza fa nisy fanararaotana fahefana nataon'ny tompon'andraikitra sasany teo an-toerana, indrindra fa any amin'ny distrikan'i XXX sy XXX

#### **4- Tsy fandriampahalemana**

Mbola olana lehibe ny tsy fandriampahalemana any amin'ny faritra sasany, ka voatatitra ny tranga toy ny: herisetra tafahoatra, famonoana olona ary vonoan'olona.

Fidirana an-keriny an-trano

Indrindra fa any amin'ny distrikan'i XXX

#### **5-Famaranana**

Ny mponina ambanivohitra eto Madagasikara dia miatrika krizy maro lafy izay ahitana:

Ny hain-tany sy ny tsy fahampian-drano, ny fihenana ny vokatra ara-pambolena sy ny tsy fanjarian-tsakafo, ny fahaverezan'ny biby fiompy, ny tsy fahampian'ny rano fisotro, ny ady tany, ny fanararaotam-pahefana, ary ny tsy fandriampahalemana.

Ity toe-javatra ity dia mitaky fandraisana andraikitra maika, mirindra ary maharitra mba hiantohana ny zo fototry ny mponina any ambanivohitra, indrindra indrindra ny zo hahazo rano, sakafo ary fiarovana ho an'ny fandriampahalemana.

### **III – DECLARATION EN PROVENANCE DE XXX**

Nous, communauté paysanne de XXX, souhaitons informer nos confrères paysans et toutes les personnes qui devraient connaître le mode de fonctionnement de XXX qui collabore avec XXX.

Nous, les paysans locaux, ne tirons aucun bénéfice de toutes les collaborations, car tous les avantages reviennent à une minorité.

La pêche qui est la base de l'économie locale subit beaucoup de contrainte à cause de l'accord communautaire (dina) conçu par XXX et XXX, alors que les personnes qui possèdent du matériel moderne ne sont pas soumises à ces conditions restrictives. Une chambre froide a été construite pour nous, les paysans, mais elle est monopolisée par quelques personnes qui l'utilisent pour leurs activités génératrices de revenus personnelles.

### **IV – TOPI-MASO AMIN'IREO FANAMBY ATREHIN'NY SEHATRA NY FAMBNOLENA AO AMIN'NY FARITRA XXX**

Ny manamarika manokana ny toe-draharaha iainan'ny tantsaha madinika ao amin'ny faritra XXX amin'izao fotoana izao dia ny fisian'ny fahasahiranana amin'ny lafiny maro

Fahalemena manoloana ny fiovan'ny toetrandro: Miatrika vanim-potoana ifandimbiasan'ny tsy fisian'ny rano sy ny tondra-drano ny tantsaha, ka mahatonga ny tsingerin'ny fambolena (cycle cultural) ho sarotra vinavinaina.

Tsy fahamarinan-toerana ara-toekarena: Ny fitotongan'ny vidin'ny vokatra amidy, indrindra fa ny vary sy ny voanjo, dia tsy ahafahana mamerina ny masokarena lany tamin'ny famokarana.

Tsy fahamarinan-toerana ara-fananantany: Ny fangoronan-tany sy ny fangalan'ny sasany an-keriny ny tany ary ny fahasarotan'ny fanamafisana ny fiarovana ny fananan-tany dia manala amin'ny tantsaha ny fitaovam-piariany.

Fahabangana eo amin'ny lafiny andrim-panjakana: Miariary ny tsy fahampian'ny fanohanana avy amin'ny sampan-draharaham-panjakana voakasika, na eo amin'ny lafiny fisiana eny an-toerana, na eo amin'ny fanoroana hevitra ara-teknika, na eo amin'ny fandaminana indray ny rojo famatsiana.

Faritra mitoka-monina ara-toe-karena noho ny faharatsian'ny lalana

95%-n'ny raharaha karakaraina ao amin'ny fitsarana ao XXX dia mahakasika fifandirana amin'ny tany

Ny vary amin'izao fotoana izao amidy 300 ar, nefa ny masomboly 40.000 ar ny akotry 25 kg no nividianana azy  
Ny voanjo misy hodiny dia 900 ar ny kilao ny hamarotana azy, nefa ny kapoaka amin'ny voany natao masomboly kosa  
1.400 ar

Tadiavo aiza no misy diso

## **AVIS CONCERNANT LES PAYSANS**

Si on va parler des paysans de Madagascar, ils ne constituent pas une priorité pour les dirigeants.

On se contente de dire que 80 % de la population sont des paysans. Le budget du ministère de l'Élevage et de l'Agriculture est très, très faible.

L'élevage et l'agriculture sont des domaines qui ne devraient pas être séparés, car ils se complètent mutuellement.

Cependant, aujourd'hui, en cette période de refondation, ces ministères ont été séparés.

Avec le changement climatique actuel, les paysans sont confrontés à de grandes difficultés en raison du manque de précipitations.

Les paysans manquent de matériel pour l'agriculture ou l'élevage.

L'insécurité aggrave la situation. Les récoltes sur pied sont volées dans les champs. Le bétail, comme les bovins, les poulets et les canards, subit également des vols.

Enfin, et ce n'est pas le moindre des problèmes, il est difficile d'acheminer les produits vers les marchés. Tous les paysans sont confrontés à ce mauvais état des routes, ce qui fait que leurs produits sont achetés par les collecteurs à des prix extrêmement bas. Qu'il s'agisse de riz, de noix de cajou, de vanille ou de café...

Les agriculteurs ne disposent quasiment pas de matériel de production, et les terres cultivables sont encore vastes, mais il n'y a pas de barrages, alors les terres ne peuvent pas être irriguées.

*20 avril 2026*